


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Nohazonina ho an'ny Fiadanantsika

Nofaizina i Jesosy mba havela ny helotsika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Tadidiko indray mandeha izay niresaka tamin’ny lehilahy Jiosy iray izay nilaza tamiko ny antony tsy ninoany fa i Jesosy no Mesia: “Tsy tokony ho lehilahy tsara Izy; Tsy hamela Azy hijaly tahaka izany mihitsy Andriamanitra.” Ary izany indrindra no nolazain’i Isaia mpaminany hoe:

> "Kanjo isika kosa nanao Azy ho nokapohina sy nasian'Andriamanitra ary nampahorina." (Isaia 53:4)

Fa hoy ny andininy faha-5:

> “Nefa Izy dia voalefona noho ny fahadisoantsika sy notorotoroina [“torotoroina”] noho ny helotsika, ny fampijaliana [“famaizana”] nahazoantsika fihavanana no namelezana Azy; Ary ny dian-kapoka taminy [“voalefona”] no nahasitranana antsika. ”

Misy fifamindrana lehibe roa voalaza ao amin'ireo andininy ireo. Ny sazy noho ny fahadisoantsika dia tonga tamin’i Jesosy mba hahazoantsika famelan-keloka sy hanànana fiadanana. Mandra-pahatongan'ny famaizana noho ny ota, dia tsy ho nisy fihavanana Andeha hojerentsika ny andalan-teny hafa ao amin’ny Efesiana izay nilazan’i Paoly momba ny nakana ny toeran’ny hazo fijaliana:

> “Fa Izy no fihavanantsika [ny Jiosy sy ny jentilisa], Izay nahiray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana, fa tao amin’ny nofony no nandravany ny fandrafiana, dia ny lalàna misy didy natao hotandremana, mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin’ny tenany ho olom-baovao

© 2008 - Dries Du Plessis

iray, ka hanaovany fihavanana, ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin’Andriamanitra noho ny hazo fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana. Ary tonga Izy ka nitory teny soa mahafaly milaza fihavanana taminareo izay lavitra ary fihavanana tamin’izay akaiky koa.” (Efesiana 2:14–17)

Mariho ny fanantitranterana ny teny hoe “fiadanana”. Tsy hisy fiadanana ho an’ny mpanota raha tsy fantany fa voavela ny helony. Nofaizina i Jesosy mba hananantsika fihavanana amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny famelan-keloka (jereo koa ny Kolosiana 1:19–20).

Misaotra Anao, Jesosy ô, maty teo amin'ny hazo fijaliana ho ahy. Manambara aho fa nofaizina i Jesosy mba hahazoantsika famelan-keloka, mba hananako fihavanana amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny famelan-keloka, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-092-MLG
Nohavaozina farany: 08 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

